RIVO RAKOTOVAO

Niala maina ny mpanao fanadihadian'ny Bianco

Tsy fahita tao anatin'ny 62 taona ny nanjo ny Filoha Rivo Rakotovao, Filohan'ny Antenimierandoholona teo aloha, sady Filohampirenena mpisolo toerana ihany koa tamin'ny taona 2018, nampanantsoina teny amin'ny Bianco (Birao mahaleotena miady amin'ny kolikoly) omaly alatsinainy 13 Jona2022 tamin'ny 9 ora sy sasany, ny taratasy fiantsoana dia efa tamin'ny 21 Martsa 2022 no voasoratra tao, kanefa tamin'ny faran'ny herinandro teo vao tonga teny ampelatanan'ny Filoha Rivo Rakotovao. F'angamba nalefa fiaramanidina teny Ivato avy eo dia mbola nandalo fidintseranana, izay vao naterina teny Nanisana misy ny toerampenenan'ny Filoha Rakotovao, nahatratra teo amin'ny 70 andro an-dalana izany ilay taratasy fiantsoana.

Ny azo antoka aloha dia antony politika no nahatonga ilay fampiantsoana, satria somary henjakenjana ihany ny fanehoankevitra nataon'ity filohan' ny Antenimierandoholona teo aloha ity, sady hita ho manana ny marina izy amin'izay hevitra avoakany, ka manahirana ny fitondrana, dia tsy maintsy atao izay fomba handemena na hampihorohoroana azy.

Vao naharay ny fiantsoana ny Filoha Rakotovao dia nanambara fa vonona hamonjy ilay fotoana voalaza ary tsy matahotra hiatrika ny fanadihadiana, satria hoy izy nandeha tamim-pahamarinana ny fitantanana tao Anosikely, nisy ny hafatra nataon'ny Antoko Hvm ho an'ny Bianco sy ny fitsarana, mba hanao ny asany araka ny tokony ho izy, fa sanatria tsy ho ataon'ny mpitondra fitaovana politika handetika ny olomarina.

Nahatratra ora telo ny faharetan'ny fanadihadiana natao , avy eo dia afaka nody any an-tranony soa amantsara ny Filoha Rivo Rakotovao. Ny azo lazaina aloha dia miendrika fandikan-dalàna iny fampiantsoana iny , satria lehiben'ny Andrimpanjakana ara-dalàna Andriamatoa Rivo Rakotovao, ary ny voalaza tao amin'ny taratasy dia mikasika ny fomba fitantanana tamin' ny 2019, tamin'ny mbola naha Filoha amperin'asa sy ara-dalàna ity nampanantsoina, noho izany dia tokony ny ''Haute cour de justice '' (HCJ) ihany no afaka manadihady azy, ary mbola mila ny fankatoavan'ny maro an'isa eny amin'ny Antenimierampirenena vao azo atao ny fanadihadiana.

Efa milamindamina any an-tokantranony ny Filoha Rivo Rakotovao, fa ny Bianco sy izay nampaniraka hijabaka dia niala maina sady azo lazaina ho afa-baraka ihany, ka ny fomba mety hanonerana izay fahafaham-baraka izany dia tsy misy afa tsy ny hoe : ampanantsoina eny amin'ny Bianco koa ireo voasaringotra amin'ny resaka: ecran plat, bonbons sucettes, panier garni, Smmc, sns… dia hambara avy eo hoe tsy aty ianareo no tokony hadihadiana fa any amin'ny ''Haute cour de justice''. Dia mety mba ho afaka amin'ny vavan'ny be sy ny maro amin'izay ny eny Ambohibao.

Ny Valosoa

Rivo Rakotovao sy ny Bianco

Hadihadio koa ireo mpiara-dia amin'ny mpitondra hoy ny RMDM Diaspora

Manoloana ny fiantsoana ny mpandrindra nasiônalinn'ny antoko HVM, Rivo Rakotovao teny amin'ny Bianco omaly, misy ny fanambarana nataon'ny RMDM Diaspora, tsarao koa ireo mpiara-dia amin'ny fitondrana fa aza asiana tombo sy hala hoy izy ireo :

"Noho ny fandrenesana ny fisian'ny fiantsoan'ny BIANCO an'Andriamatoa Rivo Rakotovao, filohan' ny Antenimierandoholona teo aloha no sady Filoha vonjimaika (par intérim) nandritra ny volana vitsivitsy araka ny voafaritry ny lalàm-panorenan'ny Repoblikan'i Madagasikara, dia manao izao fanambaràna izao ny RMDM Diaspora : ilaina ary angatahan'ny maro tokoa ny hisian'ny mangarahara, indrindra fa momba ny fitantanana sy fandaniana ny volam-panjakana.

Azo atao tokoa ny fihainoana ireo tompon'andraikitra isan'ambaratongany hitondrany fanazavana momba ny nandaniana ny volampanjakana.

Maro kosa anefa ireo raharaha goavana sy heverina fa maika, mahakasika ny fanararaotam-pahefana sy ny fanodinkodinam-bola na fangalarambola mihintsy, izay eo ampelatanan'ny BIANCO sy ny sampan-draharaha samihafa hatry ny fotoana elaela, nataon'ireo mpiara-dia amin'ny fitondrana koa.

Iaraha-mahita sy iarahamahalala anefa, fa toa tsy misy tohiny izany ankehitriny, no koa tsy ahenoana akony intsony koa.

Ampatsiahivinay fohifohy ary ny sombintsombiny amin'ireo raharaha voalaza ireo:

-Ny fanaovana amboletra mba hirosoan'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny taona 2018 na dia marobe aza ny tsy fahatomombanana tsikaritra sy notoherin'ny maro an'isa. Izany fanaovana amboletra izany dia nahatonga ny fisian'ny hala-bato goavana. Tsiahivina fa nanao filazana ôfisialy ny filoha lefitry ny CENI mikasika izany.

-Ny mbola nampiasana ihany ny lisi-pifidianana feno hosoka nandritra ny fifidianana taorian'ny taona 2018.

-Ny tsy fanajana sy ny tsy nampiharana ny fanaraha-maso ny vola nampiasain'ireo kandida rehetra tsy ankanavaka, nandritra ny fampielezankevitra.

-Ny fandaniana ny volam-panjakana izay nozaraina tamin'ireo olona notendrena ho Governora eran' ny faritra.

-Ny fanodinkodinam-bola momba ny resaka "bonbons-sucettes" sy "écrans plats", izay fangalarambola sy fanamparam-pahefana (abus de pouvoir) nataon'ny tompon'andraikitra ambony sy ny vadiny.

-Ny raharaha SMMC.

-Ny raharaha Kraoma.

-Ny raharaha fampiasana fitaovam-piadiana mahery vaika nataon'ny vadin'ny mpitondra fanjakàna iray (abus de pouvoirs, détention illégale et utilisation d'arme de guerre).

-Ny raharaha momba ny fitantanana ny volam-panjakana, izay vola fanampiana avy any ivelany natokana hisahanana sy hiadiana ny valan'aretina COVID-19.

-Ny raharaha fanondranana volamena milanja 73kg izay tratra tatsy Afrika atsimo, ny tany Comores, ny tany Seychelles.

-Ny raharaha fanodinana ny volan'ny CNAPS.

-Ny raharaha volam-panjakana nampiasain'ny maire Antananarivo renivohitra.

-Ny raharaha fividianana sy fanafarana ary fampidirana antsokosoko fitaovam-piadiana mahery vaika maro tao Madagasikara.

Ireo ohatra 13 noraisinay ireo dia mikasika ny fanararaotam-pahefana sy fanodinkodinam-bola avokoa...

Azo atao tokoa ny manadihady ny fomba nitantanana ny Antenimierandoholona tamin'ny taona 2019 ; fa talanjona kosa ny maro ankehitriny ary mametrapanontaniana hoe fa ahoana ny tohin'ireo raharaha rehetra ireo ?

Toa zary fidiana ny raharaha ho hadihadiana ka mahatonga ny malagasy maro hieritreritra fa zary lasa atao fitaovana ny Fitsarana sy ny BIANCO !

Sa kosa "ny fankahalàna no lehibe indrindra", ka mahatonga izao fikorontanana sy fisehoan'ny tsy fahaiza-mitantana rehetra ankehitriny izao ?

Ny RMDM Diaspora dia mijoro ankehitriny ary milaza fa fanodinkodinana ny saim-bahoaka, fanaovana ramatahora, fangejana, fanampenam-bava ny vahoaka tsy haneho hevitra, fanararaotam-pahefana, fanitsakitsahana ny zo fototra, ary fahapotehan'ny demokrasia no iainan'ny vahoaka malagasy ankehitriny.

Izany rehetra izany dia maneho ny fanitsakitsahana ny lalàmpanorenana izay ataon'ny mpitondra fanjakàna ankehitriny, ka tsy azo ekena intsony.

Ampahatsiahivina ihany koa fa Andriamatoa Rivo Rakotovao dia anisan'ireo singa lehibe mandrafitra ny RMDM, izay manomana ny fikaonandohampirenena ankehitriny, izay tohanan'ny RMDM Diaspora tanteraka ihany koa.

Tetika natao hanembatsembanana sy hampihorohoroana azy (sy ny hafa) ve no mety ho anton'izao fampiantsoan'ny BIANCO azy izao ?

Tetika entina handravana ny fikaonandoham-pirenena ve sa inona no anton'izao fiantsoana izao?

Dia iza indray koa no manaraka?

Mangataka ary izahay ny hanaovana tatitra tsy misy hatak'andro momba ireo teboka 13 nampahatsiahivina etsy ambony ireo.

Masina ny Tanindrazana", hoy ny fanambarana.

Nangonin'i Stefa

NY TENY FIAINANA

Ary ny mpisorona fito izay nitondra ny anjomara fito mafy faneno teo alohan'ny fiaran'i Jehovah dia nandeha mandrakariva ka nitsoka ny anjomara; ary ny olona efa voaomana hiady dia nandeha teo alohany; ary ny vodi-lalana kosa dia nanaraka ny fiaran'i Jehovah; ary notsofina teny am-pandehanana ny anjomara.

Josoa 6:13

Ny Valosoa sy fakafaka

Rajoelina efa nitokana famonoana akoho

Mety ho avy koa ny fitokanana fitonoana akoho

Niaka-pofona Ingahy Filoha Rajoelina tamin'ny fanokafana ny fikaonandoha momba ny fananantany, notanterahina teny amin'ny CCI Ivato, satria tapaka ny rianaratra, tsy tahotra tsy henatra Ingahy Filoha niantso an'Ingahy Minisitry ny Angôvo handrehitra ny jiro, satria hono ny fanamafisampeo mandeha kanefa ny jiro tsy mirehitra. Ny tena marina anefa dia samihafa ny nampandeha ny jiro sy ny fanamafisam-peo, vitan'Ingahy Filoha mihitsy ny namoaka vava hoe:''sa iandrasana ny Filohan'ny Repoblika koa ny mampiakatra ny disjoncteur ''.

Ny zava-nitranga teny Ivato dia nampibaribary ny fomba fiasan'ny fitondrana Rajoelina, aiza ve ka filohampirenena no hiatrika lanonana goavana dia tsy vitan'ireo mpiara-miasa aminy ny miomana amin'izay tsy fahalavorariana mety ho tonga tampoka, efa maizina ny trano vao samy tonga saina, ny vahoaka dia efa mandavantaona no efa niaina ny fahatapahan'ny rianaratra, f'Ingahy Filoha sambany vao tratra , mazava izany fa tsy nisy dikany ny nidinan'Ingahy Filoha nijery ny zava-nitranga tany Andekaleka, ka nampiaka-peo azy hoe misy ny manao sabotazy ary omena tambiny izay mahafantatra ireo mpisompatra, hatramin'izao tsy hita izay tompon'andraikitra ary ny delestazy mbola tsy foana, fa tokony ho saziana ihany koa ireo tompon'andraikitra nisahana ny jiro teny amin'ny CCI Ivato.

Tsy afaka ny hikabary ao anatin'ny haizina hono Ingahy Filoha, kanefa iza no tsy mahalala fa betsaka ny raharaha maizimaizina afenimpenina ny vahoaka eto amintsika, ny tsy fihaonan'Ingahy Filoha amin'ny mpanao gazety eny Ivato isaky ny miainga sy tonga avy any ivelany dia efa porofo mitohoka amin'ny tendany, fa betsaka ny maizimaizina, ny fanaovantsonia momba ny Tanamasoandro farany teo aza tsy navela natrehan'ny mpanao gazety.

Dia mbola nidedaka indray Ingahy nilaza, fa izy hatrany hono no andrasana hanao ny zava-drehetra, ny tena marina anefa dia izy mihitsy no misisika hanao ny asa tokony sahanin'ny hafa , tia miseho vahoaka loatra Ingahy Filoha, hany ka tsy tantiny mihitsy raha misy ireo mpiara-miasa aminy mahazo sitraka amin'ny vahoaka.

Tsy mahagaga raha tokanany avokoa hatramin'izay tsy tokony ho tokanan'ny filoha, toy ny fampiadiana akoholahy, lalana rarivato 200 metatra , toerana famonoana akoho, takonana avokoa na Praiminisitra na minisitra na solombavambahoaka na ben'ny tanàna fa tsy maintsy izy hatrany no rôla, ho avy koa ny hitokanany fitonoana akoho.

Fa mikasika ny fikaonandoha momba ny fananantany dia manantena ny vahoaka Malagasy fa hoesorina amin'ireo teratany vahiny avokoa, ireo velaran-tany bodoiny ary hatolotr'Ingahy Filoha ho sitrahan'ny malagasy amin'izay mialohan'ny 26 Jona 2022, ary momba ireo Nosy Malagasy bodoin'ny frantsay, azo antoka fa haverin'Ingahy Filoha amintsika Malagasy amin'izay, satria mbola tafiditra ao anatin'ny resaka fananantany koa izany , ho antsika malagasy ny tafaverina no zavadehibe na tara roa taona amin'ny nampanantenaina aza.

Fa raha tsy nodinihina tao ny momba izany dia fandaniam-potoana tsy amin'ny antony ny natao teny Ivato.

Ny Valosoa